MALAGASY

Baccalauréat de l'enseignement général
Madagascar
Session 2003

MALAGASY – SÉRIES : C - D

N.B : - Tsy maintsy atao ny **Laza adina I**

- Isafidianana ny **Laza adina II**

LAZA ADINA I : Tsy maintsy atao

FANONTANIANA

1/ Milazà toe-java-nisy ara-tantara nanamarika ny vanim-potoana fiforetana anaty teo amin'ny sehatry ny literatiora.

2/ Mitanisà ohabolana telo maneho fa mankamamy ny aina ny Malagasy.

LAZA ADINA II : Isafidianana ny A sy B

A - Famakafakan-kevitra

Hoy ity mpandinika iray :

"Tsy lahatra akory ny fahantrana".

Fakafakao.

B - Fanadihadiana lahatsoratra

. . . Heverintsika ho mari-pandrosoana ny tsy finoana intsony ny tsiny sy ny tody, kanefa marina ve fa tsy misy ireo zavatra natahoran'ny Ntaolo ireo ? Marina ve fa tsy azo hazavaina ny nahatonga ireo olona ihandronan'ny tsiny, ianjadian'ny voina ? . . .

. . . Ireo lazaina ho "voan'ny tsiny" sy "itodian'ny nataony" dia olona efa leo laza, mampiahiahy ny ambanilanitra sady heveriny ho fatritran'olona . . . tsy maintsy misy akony eo amin'ny asa aman-draharahan'ilay "voatsiny" izany fiheveran'ny mpiara-belona aminy izany. Ka rehefa ela ny ela, na ny fivelomany hitsipozipozy, ary dia ho tonga amin'izay ny fandatsana hoe : tsinin'izao sy izao.

E.D. ANDRIAMALALA, FANAGASIANA, TAK 50-51

FANONTANIANA

Hadihadio io lahatsoratra io.